# ALAMISY MASINA TAONA A 2025



## *Dia farafitiavana no nataony taminy…..*

Ry Kristianina havana, tamin'ny Alahadin'ny sampankazo dia nankalaza ny fidiran'i Jesoa tao Jerosalema isika izay manambara koa fa miditra amin'ny fiainantsika i Jesoa, mpiara-belona amintsika, miara-dalana amintsika fa indrindra amin'izao fanatanterahantsika ny Sinaody izao, Sinaody faha-7 ary fijanonana faha-4 izay fampivondronana sy famintinana ireo fijanonana 3 voalohany. Tsy afenina koa fa miatrika fitsapana mafy isika raha mijery ny zava-misy. Mihorohoro isika mahita ireo vaovao ady sy korontana, eo koa ny hetraketraka ny zavaboary, ny firenena milamindamin-dratsy tsy hay lazaina.....Aoka ho tsapantsika fa tsy Andriamanitra lavitra tokoa ny Andriamanitsika fa Andriamanitra miara-miaina amintsika ka tsy mamela antsika ho irery. Izany indrindra no banjinintsika amin'izao hateloana masina izao. I Jesoa tokoa ilay Famonjena antsika. Izy afaka manova ny fiainantsika tsizarizary ho fiainana mendrika ny Zanak'Andriamanitra: Jesoa miara-dàlana sy mpiara-belona amintsika, miditra amin'ny fiainantsika no Paka ho antsika.

| |
|---|
| **Vakiteny I :** Eks. 12, 1-8, 11-14 |
| **Tononkira :** Sal. 115, |
| **Vakiteny II :** 1 Kôr. 11, 23-26 |
| **Evanjely :** Jo. 13, 1-15 |

Amin'izao Alakamisy masina ankalazaintsika izao dia maro ny tandindona na "symbole", famantarana amboarina sy aseho ho entintsika miaina an'izany bebe kokoa, tsy hoe manao teatra isika fa araky ny fampianaran'i Jesoa androany izay naverin'i Md Paoly ny Teniny manao hoe :"Ataovy izao ho fahatsiarovana ahy".

Sady mahatsiaro ny fotoan-dehibe nihaonan'i Jesoa tamin'ny mpianany izay andro mialoha ny namantsihana azy isika androany no miaina ireo fihetsika sy famantarana maro isan-karazany niainan'i Jesoa tamin'io andro Alakamisy masina io. Ohatra azontsika ambara mivaingana ny fanontaniana mikasika ny ôtely apetraka amin'izay mpitarika ny Sorona masina : maninona isaky ny mankalaza ny Eokaristia amin'ny andavanandro isika dia efa

voaomana ny otely nefa amin'ny andron'ny Alakamisy masina kosa efa tafavory ny olona rehetra izay vao manamboatra ny ôtely, izany hoe iarahan'ny rehetra ny manatanteraka ny fanomanana ny ôtely ? Izany dia fanehoantsika fa miombona tokoa sady miditra amin'ny fiainantsika i Jesoa ilay mpanavotra sy mpiara-belona amintsika . Antso sy iraka ho antsika amin'izao fotoana sarotra diavintsika izao io fikarakarana ôtely io. Eo amin'ny ôtely no anolorantsika ny fiainantsika miaraka amin'i Kristy. Eo i Kristy manova azy ho tolotra mendrika ny Ray. Noho izay fiombonana aminy izay dia miova ho famonjena antsika.

Tsara tokoa ny manamarika fa izay nataon'i Jesoa tamin'ny Alakamisy masina dia misantatra sahady ary efa mampivelona ny mpianatra ny famonjena nataony sy tanteraka teo amin'ny hazofijaliana. Ny teny nambaran'i Jesoa sy ny nataony tamin'ny Alakamisy masina dia nivelomany tamin'ny Zoma masina ka mampitohy antsika amin'ny Sabotsy masina izay fitsanganan-ko velona mitondra ilay famonjena izay hahatonga antsika ho zanak'Andriamanitra. Tanteraka ilay fampihavanana, tanteraka ilay fiombonam-pitiavana izay nanirahana Azy avy any an-danitra ka nahatonga Azy ho olombelona mba hahatonga antsika ho zanak'Andriamanitra....

Io fampihavanana tanteraka ny Zoma Masina, i Jesoa manolotra ny ainy, io no mampiova tanteraka ny fifandraisantsika amin'ny zava-boary, fifandraisantsika amintsika samy isika, fifandraisantsika amin'Andriamanitra. Tanteraka eto ilay tanjona tiantsika apetraka amin'izao Sinaody tapany faharoa izao : Fianakaviana Eglizy kely miaro sy mikolokolo tontolo iainana. Tanteraka izany raha miroso amin'ny fahafoizana sy fanompoana ao anatin'ny fahamarinana sy fanaovan-tsoa hanahafahantsika an'i Jesoa isika.

Izany no dinam-pitiavana sy fihavanana izay tanteraka sahady ankalazaina amin'izao Alakamisy masina izao. Niveloman'i Jesoa tanteraka ny Zoma masina tamin'ny fanolorany ny tenany tamin'ny lakroa ho fankatoavana an'Andriamanitra Rainy ary nanolorany tena mba ho ao anatin'ny dinam-pitiavana sy fihavanana izany ihany koa isika tsirairay izay mandray Azy. Tafatsangan-ko velona izy ka isika koa dia miala amin'ny fahafatesana vokatry ny fahotana mba hiombona Aminy ao amin'ny fiainana vaovao izay maha zanaka antsika. Tsy fiainam-baovao an-kandrina fa noho I Jesoa Fihavanana dia miova ny fifandraisana, miverina tamin'ny naharian'Andriamanitra azy tamin'ny voalohany. Izany no maha fahariana vaovao ny famonjena nentin'I Jesoa. Raha ny marina raha mivelona marina ny Paka isika dia miova ny fifandraisantsika amin'ny zava-boary, ny fifandraisana amintsika samy isika eo anivon'ny fiaraha-monina ary ny fifandraisana amin'Andriamanitra….

Ry Kristianina havana, ny vakiteny amin'izao Alakamisy masina izao dia mampisantatra antsika amin'ny fiainana miaraka amin'i Kristy araka ny nanoritantsika azy teo.

Ny vakiteny voalohany bokin'ny Eksaody dia mampahatsiahy antsika ny nataon'i Moizy rehefa afaka tamin'ny fanandevozana tany Ejipta ny vahoakan'Israely. Hanomanany ny fanafahana azy dia natoron'i Moizy ny vahoaka ny tokony hatao : izay rehetra nametraka tamin'ny tolàna ny ran'ny zanak'ondry dia nahazo ny famonjena. Isika koa raha mandray ny batemy vokatry ny nanoloran'i Jesoa ny tenany ka nandatsahany ny rany izay fanekem-pihavanana vaovao dia afaka amin'ny fanandevozan'ny fahotana.

Ny tenin'i Jesoa no ampahatsiahivin'i Md Paoly amintsika amin'ny vakiteny faharoa : "Toy izany koa, nony efa nihinana, dia hoy izy: "Kalisy fanekena vaovao amin'ny Rako ity; manaova izao ho fahatsiarovana Ahy, isaky ny misotro ianareo". Fa isaky ny mihinana ity mofo ity sy misotro amin'ity kalisy ity ianareo, dia manambara ny fahafatesan'ny Tompo mandra-

piaviny». Izay mandray an'i Jesoa dia miditra amin'ny fanekem-pihavanana vaovao ka miombona Aminy tanteraka.
Tsy hoe manao teatra isika raha manantateraka ny fihetsika sy ny niainan'i Jesoa tamin'ny fiarahany nisakafo tamin'ny mpianany fa noho ny asan'ny Fanahy Masina dia miombona tanteraka Aminy isika ary indrindra fa ny fankalazana ny Alakamisy masina dia efa manambara ilay iainan'i Jesoa ny Zoma masina. Toy izany koa ny fanehoana ny fanasana tongotra mandritra ny Eokaristia amin'izao Alakamisy masina izao. Tahaka ny ampianarin'ny Evanjely antsika androany dia mifanasa tongotra isika samy isika, mifanasa ny lotontsika rehetra, io no fiainana izay tena mavesatra tokoa. Avy amintsika ihany anefa no mahatonga azy satria manjaka loatra ny fitiavan-tena amintsika ka manilika ny hafa isika.
Entanin'ny fitiavan'i Jesoa isika ka mifanompo, mifanatsara. Izany no fiainantsika, izany ny fidiran'I JESOA AO JEROSALEMA, miditra amin'ny fiainantsika izy ka isika koa miezaka manasoa izay manodidina antsika ary manasoa koa ny tontolo iainana izay tranobe iombonantsika ity, amin'izay dia hifanaja tokoa isika ka hiala amin'ireny fiainana manapotika antsika ireny. Ny mahatonga ny fiainantsika potika dia isika mifanaratsy, tsy mitady izay hahasoa ny hafa isika, tsy mitady ny soa iombonana isika, toy izay hifanasa tongotra sy hifanasoa isika dia mifanapotika noho ny fitiavan-tena, ny fialonana, ny fihatsaram-belatsihy . Araka ny teny nifanomezantsika teny amin'ny La Montagne dia hiezaka isika hanao ny Marina, hampanjaka ny fahamarinana tahaka an'I Md Josefa : lehilahy tia vavaka, marina, miasa…. Tsy hiova tokoa ny fiainantsika raha tsy mivelona ny marina isika ary ny hahafantarana fa mivelona ny marina isika dia isika mifanasoa sy mifampitsimbina. Io no lalana mitondra amin'ny fampandrosoana marina dia ny fampandrosoana ny olona manontolo sy ny olon-drehetra. Izany no Paka mitondra hafaliana sy fiadanana.
Raha mankalaza an'izao Alakamisy masina izao àry isika dia aoka havelantsika hiditra amin'ny fiainantsika tokoa i Jesoa, ho mpiara-belona amintsika tokoa i Jesoa. Izy ilay mpampianatra kanefa nanaiky nanasa ny tongotry ny mpianatra mba hahasoa sy hahatsara ary hanome ohatra velona ho antsika. Aoka àry isika ihany koa mba samy ho vonona hifanasoa, hifanatsara ka hiala amin'ireny fomba tsy mety ireny dia ny fitiavan-tena, ny fialonana izay anapotehana ny hafa.
Ry Jesoa Tompo o, nanome ohatra velona ho anay lanao ilay mpampianatra nanaiky nanasa ny tongotry ny mpianatrao, izany koa no lalana hitondra anay amin'ny famonjena. Tianay ho soa sy ho tsara ny fiainanay ka aoka ho vonona hifanasa tongotra izahay, hitady izay hahasoa ny hafa. Ampio àry izahay ry Jesoa zokinay o, ampianaro izahay mba hifanasoa. Masina Maria Reny miara-dalana aminay amin'izao hateloana masina izao ka ho eo am-pototry ny hazofijaliana miaraka aminao izahay higoka ny famonjena. Md Josefa Ray Mpiaro ny Eglizy eran-tany ianao, ankininay aminao ny ezaka ataon'ny Fianakaviana Eglizy kely mba samy hivelona ny marina ary hifanasoa, hifampitsimbina fa izany no Paka Fiadanana sy hafaliana. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson